



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

IREO TOETRAM-PIFANDRAISANA AMIN'NY FANAHY MASINA
– LES CARACTERES DES RELATIONS AVEC L'ESPRIT SAINT

Alatsinainy 13 jolay 2020
Lundi 13 juillet 2020

NY MAMPALAELO NY FANAHY MASINA – CE QUI ATTRISTE LE SAINT-ESPRIT

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Efes. (Ephés.) 4, 30 : Iza no ambaran'ny
Tenin'Andriamanitra ho antsika – *Voici la Parole de Dieu pour nous :*

Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanasiana toambo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana. Amen !

N'attristez pas le Saint-Esprit de Dieu, par lequel vous avez été marqués d'une empreinte pour le jour de la libération. Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

- Misaotra anao, Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, fa noho ny Famindram-ponao dia omenao anjara amin'ny Teninao indray izahay izao. Ampianaro izahay, Tompo ô, mba ho saro-piaro amin'izany toerana omenao anay ao amin'ny Fanjakanao izany. Tahio sy hamasino amin'ny fanatrehanao izao fotoam-bavaka izao, ry Tompo ô – *Nous te remercions, Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, pour ta Miséricorde : nous avons part à ta Parole aujourd'hui. Apprends-nous, Seigneur, à être jaloux de la place que Tu nous offres dans ton Royaume. Accompagne cette Veillée de Prière et sanctifie-la par ta Présence, Seigneur.*
- Dia mamelà ny helokay, Andriamanitra ô, afaho amin'ny fahotanay rehetra izahay mba hanananay firaisana feno Aminao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo sy Mpamonjinay, Amen - *Pardonne-nous nos péchés, Seigneur notre Dieu, et délivre-nous de toutes nos iniquités afin que nous puissions être en communion avec Toi. Au Nom de Jésus-Christ, notre Seigneur et notre Sauveur, Amen !*

Hira (Chant) chorale : Andeha hiaraka hihaino hira chorale iray isika - *Je vous propose d'écouter un chant chorale pour commencer : Tsy hanalavitra (CU 2018)*

Teny fampidirana – Introduction :

- Miarahaba antsika rehetra amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, Lohan'ny Fiangonana, aho. Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo. Amen – *Je vous salue tous au Nom de Jésus-Christ, le chef de l'Eglise. Que la Grâce et la Paix vous soient données de la part de Dieu notre Père et de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*
- Ny toetram-pifandraisana amin'ny Fanahy Masina no lohahevitra hobanjitsika amin'ity herinandro ity. Ny amin'izay mampalahelo ny Fanahy Masina no ho zaraina amintsika androany, araka ny Efes. 4, 25-32 – *Cette semaine, nous verrons les caractères de nos relations avec le Saint-Esprit. Au jourd'hui, nous parlerons de ce qui attriste le Saint-Esprit, selon Ephés. 4, 25-32.*
- Ny Epistily ho an'ny Efesiana ... – *L'Épître aux Ephésiens ...*
- Hiditra amin'ny Fizaràna voalohany àry isika izao ka ho vakiana amintsika ny Efes. 4, 25-27 – *Entrons dans la première Partie de notre séance par la lecture d'Ephés. 4, 25-27.*

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Efes. (Ephés.) 4, 25-27 :

25 Koa esory ny lainga ka samia milaza ny marina amin'ny namany avy ianareo rehetra, fa samy isan'ny momba ny tenan'ny namantsika avokoa isika. 26 Tezera fa aza manota, ary aoka tsy ho tratry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo. 27 Aza manome fitoerana ho an'ny devoly.

25 C'est pourquoi, vous débarrassant du mensonge, dites chacun la vérité à votre prochain, car nous sommes membres les uns des autres. 26 Si vous vous mettez en colère, ne péchez pas. Que le soleil ne se couche pas sur votre colère, 27 et ne laissez aucune place au diable.

Toriteny 1 : – Prédication 1 : Avy amin'ny devoly ny tsy fankatoavana ny Fanahy Masina – Le non-respect à l'Esprit Saint vient du diable :

Manohitra ny Fanahy Masin'Andriamanitra ny devoly – *Le diable s'oppose à l'Esprit Saint de Dieu*

Atao fanahy iniana ny tsy « manome fitoerana ho an'ny devoly » - *Ne pas « donner accès au diable » est à faire volontairement.*

Safidy ny tsy « manome fitoerana ho an'ny devoly » - *Ne pas « donner accès au diable » est un choix.*

Ao amin'ny inona no itoeran'ny devoly ? – *Par où accède le diable ?*

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny ankohonana - *pour le foyer* : mba – *pour que* :
 - haka fotoana handini-tena ny tsirairay ka handà ny devoly – *chacun prenne le temps de l'introspection afin de résister, avec une foi inébranlable, au diable*

- samy hanao safidy hanohitra ny fanangolen'ny devoly – *nos familles fassent le choix de refuser la séduction du diable*
- ho an'ny fiangonana – *pour l'Église : mba – pour que :*
 - hankasitraka ny maha-zanak'Andriamanitra azy ny mino ka hanohitra ny devoly – *les croyants soient jaloux de leur appartenance à Dieu et qu'ils refusent le diable*
 - hiaina ny Batisa nandraisan'Andriamanitra azy ho zanany ny kristiana ka hifady ny devoly tokoa, araka ny fanekena nataony teo amin'ny Batisa – *les chrétiens vivent en tant que baptisés et qu'ils s'opposent au diable, tels qu'ils ont promis lors de leur Baptême*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

- Mihainoa ny fivavakay lanao, ry Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, fa mitondra eto Aminao ny ankohonanay sy ny fianakavianay ary ireo olona akaiky ny fonay izahay. – *Entends notre prière, Dieu Père, Fils et Saint-Esprit, car nous emmenons devant ta Face notre foyer, nos familles ainsi que tous ceux qui nous sont proches.*
- Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo no angatahany izany. Amen – *Nous t'en prions au Nom du Seigneur Jésus-Christ. Amen !*

Hira (Cantique) : 745 (mitovy feo amin'ny hira 92 Ry voasatro-tsilo), 1-2 : Henoy, ry Jeso Tompo :

1. Henoy ry Jeso Tompo ny fitarainanay,
Fa amin'alahelo no ipetrananay.
Ny fonay mba maniry hitovy Aminao,
Kanefa be ny ratsy misakana anay.
2. Nateraky ny nofo ka nofo izahay.
Nanompo tompo ratsy ka very hatrizay.
Ny razanay nanota ka nodimbiasanay :
Ry Tomponay Tsitoha, Havaozy izahay !

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Ephés. (Ephés.) 4, 28-30 :

28 Aoka izay nangalatra tsy hangalatra intsony, fa aleo hikely aina ka hiasa izay tsara amin'ny tànany, mba hisy homeny izay tsy manana. 29 Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan'ny mihaino fahasoavana. 30 Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanasiana tompo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana. **28** *Que celui qui volait cesse de voler; qu'il se donne plutôt la peine de travailler honnêtement de ses [propres] mains pour avoir de quoi donner à celui qui est dans le besoin. 29* *Qu'aucune parole malsaine ne sorte de votre bouche, mais seulement de bonnes paroles qui, en fonction des besoins, servent à l'édification et transmettent une grâce à ceux qui les entendent. 30* *N'attristez pas le Saint-Esprit de Dieu, par lequel vous avez été marqués d'une empreinte pour le jour de la libération.*

Toriteny 2 : – Prédication 2 : Toetra mampalahelo ny Fanahy Masina – Caractères qui attristent le Saint-Esprit :

Misy toetra mampalahelo ny Fanahy Masina – *Il y a des caractères qui attristent le Saint-Esprit.*

Ny Fanahy Masina dia mitondra antsika ho amin'ny andro fanavotana – *L'Esprit Saint nous conduit vers le jour de libération*

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny marary - *pour les malades* : mba – *pour que* :
 - handraisan'izy ireo toky fa ny Tompo Andriamanitra irery no afaka manavotra azy – *ils reçoivent l'assurance que, seul, le Seigneur Dieu peut les délivrer*
 - hiantorahany eo amin'ny Mpamonjy ka handraisany ny fanavotana azy – *ils s'accrochent au Sauveur pur recevoir leur délivrance*
- ho an'ny namoy havan-tiana - *pour ceux qui ont perdu un être cher* : mba – *pour que* :
 - tsy ho kivy izy fa hahita ny Tompo izay momba sy tsy mandao azy na dia ao anatin'izao fotoan-tsarotra amin'ny fisarahana izao aza – *ils ne soient pas saisis par le découragement mais qu'ils voient le Seigneur qui les accompagne et qui chemine avec eux, même dans ces douloureux moments de séparation*
 - hametraka ny alahelony eo amin'ny Tompo izy ka handray ny fampiononana feno ho azy – *ils déposent leur tristesse devant le Seigneur afin de recevoir leur consolation pleine*
- ho an'ny mpitsabo – *pour les soignants* : mba – *pour que* :
 - hatoky ny niantsoan'ny Tompo Jesosy azy ho mpiara-miasa Aminy izy mba hitondra fanasitranana maneho ny Famonjen'Andriamanitra – *ils apprécient leur appel en tant que collaborateurs du Seigneur Jésus pour apporter la guérison qui exprime le Salut de Dieu*
 - hiasa amin-tahora izy ka handà ny fisarihan'ny devoly amin'ny fakam-panahy maro – *ils oeuvrent dans la crainte de Dieu été qu'ils refusent toutes formes de tentation*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

- Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Amen – *Au Nom de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*

Hira (Cantique) 376, 1-3 : Mpanota ory sy mahantra :

1. Mpanota ory sy mahantra,
Henoy ny teny ho anao :
I Jesosy Tompo be fiantra
Nisolo voina anao.
Ka Izy feno indrafo
Mitaona anao hiova fo.
2. Jesosy Tompo sy Mpamonjy
Miantso ny anaranao.
"Mpanota very, mila vonjy,
Minoa Ahy ianao !

- Ny sainao aoka ho vaovao,
Ny fomba ratsy ialao " !
3. I Jesosy koa mampahery
Ny sasatra ao an-dàlana.
Ny Rany soa manan-kery
Hahafaka ny entana.
I Jesosy tsy mandroaka
Ny ory izay manatona.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Efes. (Ephés.) 4, 31-32 :

31 Esory aminareo ny fo-lentika [fangidiana] rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra. 32 Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy ianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy.

31 Que toute amertume, toute fureur, toute colère, tout éclat de voix, toute calomnie et toute forme de méchanceté disparaissent du milieu de vous. 32 Soyez bons et pleins de compassion les uns envers les autres; pardonnez-vous réciproquement comme Dieu nous a pardonné en Christ.

Toriteny 3 : – Prédication 3 : Ny toe-pifandraisana avy amin'ny Fanahy Masina – Les caractères relationnelles venant de l'Esprit Saint :

Misy toetram-pifandraisana tovozina ao amin'ny Fanahy masina – *Il y a des caractères relationnelles dictés par le Saint-Esprit*

Maneho ny fiasan'ny Fanahy Masina ireo toetra ireo – *Ces caractères expriment l'œuvre du Saint-Esprit*

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny Mpitandrina – *pour les Pasteurs* : mba – *pour que* :
 - hahery amin'ny fiainana niantsoan'Andriamanitra azy izy ka ho vavolombelon'ny Fitiavan'Andriamanitra – *ils soient reconfortés dans leur vocation et qu'ils soient témoins de l'Amour de Dieu*
 - hiorina mandrakariva amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy izy ka hiasa araka ny Sitrapon'Andriamanitra irery ihany - *ils soient toujours fondés dans la foi en Jésus-Christ afin qu'ils agissent selon la seule la Volonté de Dieu*
- ho an'ny Mpitondra antsika – *pour nos dirigeants* : mba – *pour que* :
 - hitandremany ny vahoaka amin'ny fatahorana ny Tompo – *ils administrent le peuple dans la crainte du Seigneur*
 - hialany amin'ny fitadiavana tombon-tsoa manokana fa hitrandrahany ny tombon-tsoan'ny vahoaka, araka ny toky nomeny – *ils abandonnent la recherche frénétique de leurs avantages mais qu'ils oeuvrent pour le bien du peuple, tel qu'ils ont promis*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Tompo sy nanorina ny Fiangonanao, no angatahanay izany. Amen –*Nous Te demandons cela au Nom de Jésus-Christ, notre Seigneur qui a fondé l'Eglise. Amen !*

Hira (Cantique) 455, 1-3 : Ny androm-pahasoavana :

1. Ny androm-pahasoavana maneho zava-baovao
Mahazo fahasambarana izao tontolo izao.
Ravoravo ny efitra maina mbamin'ny tany karankaina.
He, torina ny teny soa ka dia afaka avokoa
Ny olom-bery maniry ho velona.
2. Ka miandrindra ny lanitra ny malahelo izao.
Mihoby izy fa sambatra nahazo aina vaovao.
He, vahana ireo migadra, afaka ny midradradra,
Mitsambikina ny mandringa, faingana izy sady kinga,
Ary mihoby ny lelan'ny moana.
3. Ny very no tadiavina mba hody amin'ny Ray.
Ny maty dia velomina ka ravo mandrakizay.
Izy dia mifady ny ota noho ny lova tsy ho tonta,
Sady manaraka Azy Tompo, izay voaeso sy voahombo,
Ambara-podiny any an-danitra.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :-

Teksta – Texte : Kolosiana (Colossiens) 3, 1-10 :

1 Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy ianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, izay mipetraka eo an-Tanana ankavanan'Andriamanitra. 2 Saino ny zavatra any ambony fa tsy ny zavatra ety an-tany. 3 Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. 4 Raha hiseho i Kristy fiainantsika, dia hiara-miseho Aminy koa amin'ny voninahitra ianareo.

1 Si donc vous êtes ressuscités avec Christ, recherchez les choses d'en haut, où Christ est assis à la droite de Dieu. 2 Attachez-vous aux réalités d'en haut, et non à celles qui sont sur la terre. 3 En effet, vous avez connu la mort et votre vie est cachée avec Christ en Dieu. 4 Quand Christ, notre vie, apparaîtra, alors vous apparaîtrez aussi avec lui dans la gloire.

5 Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay ety an-tany, dia fijangajangana, fahalotoana, firehetam-po, fanirian-dratsy ary fieremana, dia fanompoan-tsampy izany 6 fa izany zavatra izany no mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny zanaky ny tsy fanarahana. 7 Izany koa no nalehanareo fahiny fony mbola velona taminy ianareo. 8 Fa ankehitriny, esory koa izao rehetra izao, dia fahatezerana, fiafonafonana, lolom-po, fitenenan-dratsy, teny mahamenatra avy amin'ny vavanareo.

5 Faites donc mourir en vous ce qui est terrestre: l'immoralité sexuelle, l'impureté, les passions, les mauvais désirs et la soif de posséder, qui est une idolâtrie. 6 C'est à cause de cela que la colère de Dieu vient [sur les hommes rebelles]. 7 Vous aussi autrefois, lorsque vous viviez parmi eux, vous marchiez dans ces péchés. 8 Mais maintenant, renoncez à tout cela, à la colère, à la fureur, à la méchanceté, à la calomnie, aux grossièretés qui pourraient sortir de votre bouche.

9 Aza mifandainga ianareo fa efa narianareo ny toetra [olona] taloha mbamin'ny asany
10 ary efa notafianareo ny toetra vaovao [olona], izay havaozina ho amin'ny fahalalana
tsara araka ny endrik'ilay nahary azy.

*9 Ne vous mentez pas les uns aux autres, car vous vous êtes dépouillés du vieil homme
et de ses manières d'agir, 10 vous avez revêtu l'homme nouveau qui se renouvelle pour
parvenir à la vraie connaissance, conformément à l'image de celui qui l'a créé.*

Hira (Cantique) : 406, 1-3 : Manenina aho, Ray masina ô :

1. Manenina aho, Ray masina ô !
Fa simba ny tsirin'ny aina
Izay nambolenao tanatin'ny fo
Dia lanin'ny ota ka maina.
2. Indrisy ny fahadisoako, re !
Fa maro tsy tambo isaina,
Kanefa, ry Tompoko, mba mamonje
Ity ory, izay mitarina !
3. Havaozy indray ny fanahiko izao
Andrao lasa ho babon'ny helo.
Ka ny fivalozako mba raisonao,
Vonjeo ny fo malahelo !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont
offensés.*

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des
siècles. Amen !*

Hira (Chant) AMF : Andeha isika hiaraka hihaino hiran'ny chorale iray indray - *Je vous propose d'écouter un autre chant chorale : Izaho ry Jesosy (CU 2014)*

Tso-drano - Bénédiction : Nomery 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana. Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu. Amen !*